ENY RE …
TANORA I MONTFORT !

Édition Malgache

Merci à Jedy, Fanny, & P. Jean-Claude

JÉSUS VIVANT
EN MARIE

N° : 091
JANVIER 2019

BULLETIN DE L'ASSOCIATION
MARIE REINE DES CŒURS

MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Viale dei Monfortani, 65,
00135 Roma – ITALIE
Tél. (+39) 06-30.50. 203 ;
E-mail:
rcordium@gmail.com

Eny re ...
Tanora i Montfort !

Any amin'ny toerana sasantsasany dia mahita fahasarotana ireo Mpiaradia montfortana na ny Associés montfortains amin'ny fandraisana mpikambana mbola tanora loatra (kokoa) ao amin'ny Association Marie Reine des Cœurs. Misy amin'ireo mpitantana ara-panahy ao amin'ny Fikambanana no tsy dia manana traikefa loatra mba handika ny aim-panahy montfortana ahafahana manatona bebe kokoa ny tanora amin'ny fampiasàna fiteny sy fomban'ny tanora manokana. Ny sasany amin'ireo sehatra iasàn'ny montfortana – na dia any amin'ireo ahitàna mpikambana mbola tanora raha ny taonany aza – dia tsy mba mihevitra ny hitodika amin'ny tanora mba hampahafantatra azy ireo ny momba an'i Montfort sy ny aim-panahiny.

Moa ve nanjary voatokana hoan'ireo olon-dehibe sy ny teolojianina ihany ny momba an'i Montfort ? Antsointsika hoe Père de Montfort na Md Louis-Marie de Montfort izy, sahala amin'ny tsy mba tso-piaviana, toa antsika, izany hoe iray amintsika, rahalahintsika, fianakaviana iray amintsika ka tokony hantsointsika fotsiny amin'ny fanampin'anarany, Louis na Louis-Marie, na koa amin'ny anarany, Montfort. Ny fitiavana amam-panajantsika azy amin'ny maha-olomasina azy dia tsy tokony hampisy elanelana antsika aminy, na dia eo amin'ny fomba fiantso aza. Raha toa ka amin'ny kolontsaina sasany ny teny hoe « père » sy « masindahy » dia manalavitra antsika olona iray amin'ny ilabolantany misy antsika mba hahatonga azy tsy afaka hatonina, ka tsy sahala amin'izany ny fihevitra kristianina ary tsy tokony hampatahotra antsika ny hanolo ireo teny ireo amin'ny teny manambara firahalahiana, fifandraisana anatiny, fifanantonana.

Isaorana Andriamanitra fa amin'ny toerana hafa, na dia mbola marefo aza ny fisiany, dia ahitàna andia-na tanora mivondrona manaraka ny fiofanana ho misionera toy ny Jeunes Amis de Montfort sy ny Jeunesse Montfortaine, izay mamory adolatsento (avy amin'ny Kolejy sy Lycée) sy mpianatry ny oniversite. Mazàna dia ireny vondrona ireny no loharano ipoiran'ny fiantsoan'Andriamanitra ho relijiozy na pretra. Fa moa ve ny fidiran'ireo tanora ireo amin'ny vondrona montfortana dia noho izy ireo voasintona amin'i Montfort sa kosa noho izy ireo mazoto noho ny faniriana hivory miaraka amin'ireo namany, ary tsy manaraka izay votoatin'ny fiofanana raisiny

akory? Na inona na inona antony mampazoto azy ireo, ny fampisehoana an'i Montfort amin'ny tanora dia zavatra iray tena manana ny heviny tokoa!

Voatokana hoan'ny tanora mihitsy aza i Montfort, noho ny antony iray tsotra dia tsotra : manana zavatra iombonana i Montfort sy ny tanora. Raha ara-tsoratra dia tovolahy i Montfort ! Raha ny taona no resahina dia maty teo amin'ny faha-43 taonany izy (1673-1716). Taona tsy misy hidirany amin'ny fahanterana mihitsy izany ! Matetika, raha araka ny fianarana momba ny toe-pitomboana no jerena, io taona io dia sokajiana ho ao amin'ny vanim-potoana hananana fahavitrihana, hery, fitiavana mivaivay, hafanam-po, faherezam-po, fitiavana sy fanajàna lalina. Taona izay hanatanterahana ny tantara. Tsy efa fitenintsika ve moa ny hoe manomboka eo amin'ny faha-40 taona ny fiainana ? Noho izany, ny firesahana an'i Montfort amin'ny tanora dia firesahana amin'izy ireo olona mahafantatra azy. Tonga sakaiza na mpiara-dàlana amin'izy ireo Montfort.



Mahafantatra tsara ny tontolon'ny tanora i Montfort, tsy noho izy tsy dia mifanalavitra loatra amin'ny taonan'izy ireo fa satria nandritra ny fiainany manontolo dia liana tamin'ny fampiofanana ny tanora izy. Aza hadino fa nanorina sy nitantana sekoly tsy nandoavam-bola hoan'ny tanora izy, tany La Rochelle ohatra. Nampianatra katesizy an'ireo tanora , toy ny tany Paris. Nitantana ara-panahy ireo tanora tany an-tsekoly izy, toy ny tany Poitiers, Dinan, sns...

Manampy izany, nandritra ny fahatanorany, dia nanana fahitàna toa ny tovolahy i Montfort. Fa inona moa no ao an-tsainy amin'izany? Mahalala isika fa ny fahatanorana dia vanim-potoana tsara indrindra mba hahafantarana ny maha-izy azy ny tena. Tian'ny tanora ny mitady fomba fiainana manana antony sy ny mitady ohatra harahina. Matetika izany fitadiavana izany dia mandalo dingana sarotra. Tany amin'ny fiafaran'ny fianarany tao amin'ny Kolejy Saint Thomas Becket tao Rennes anefa dia nahita mazava izay momba ny hoaviny i Montfort : nifikitra sahady tamin'ny antson'Andriamanitra izy mba ho tonga pretra.

Ny antony nahatonga izany firaiketana izany dia satria nahababo azy ny hatsaràn'i Jesoa, izay tanora lalandava koa. Noho izany, tanora liana amin'ny Tanora hafa na Tanora manintona tanora hafa ! Moa tsy lalàna voajanahary ve izany ! Ao amin'ny fizarana « le Christ 'jeune parmi les jeunes' », ny Instrumentum laboris tamin'ny Sinodan' ny Eveka momba « Ny tanora, ny finoana sy ny famantarana ny antson'Andriamanitra », natao ny 03 hatramin'ny 28 oktôbra 2018, dia manamafy fa « ny fahatanorana dia taonan'ny fiainana tsy manan-tsahala sy fenohafanam-po izay nandalovan'i Kristy ihany koa, taona izay nohamasininy tamin'ny fisiany... Jesoa, noho izany, « tanora eo anivon'ny tanora », dia maniry ny hihaona amin'izy ireo amin'ny fiarahan-dia aminy, toy ny nataony tamin'ireo mpianany tany Emaosy (Lk 24, 13-35). Mbola iriany amin'izao fotoana izao ny hanolo-tena hoazy ireo mba hananan'ny tsirairay fiainana tsy lany taperina (Jn 10, 10). » (no.75).

Ao amin'ny fikarohana lalina nataony momba ny maha-izy azy dia resy lahatra i Montfort tamin'ny làlam-piainany, ary izany

no nanamafisany fa « Andriamanitra Irery » no votoatin'ny fanatanterahana ny fikasàny rehetra. Ny teny hoe « Andriamanitra Irery », hita amin'ny fiafaran'ireo Cantiques rehetra noforoniny dia nosoratana koa eo amin'ny fasany. Io no fanambarana mamaritra manokana ny votoatin'ny fiainany sy ny asa fitoriana nataony.



Ao amin'ny fifandraisany amin'Andriamanitra dia niaina fomba fiainana manokana marihin' ny fahatokisana tanteraka an'Andriamanitra i Montfort. Ny fahatanorana dia sarin'ny fahakelezana ara-panahy : kely toy ny zaza izay manana ny Fanjakan'Andriamanitra ! Kanefa ny fahakelezana dia milaza fahatokisana tanteraka an'Andriamanitra, ny fitantanan'Andriamanitra. Isaky ny pejin'ireo boky nosoratan' i Montfort momba ny tantaram-piainany dia maneho izany fahatokisana an'Andriamanitra izany, izay mitoetra ho « Rainy tsy manary» any an-danitra izy. I Montfort no zanaka mamy tian'ny Fitantanan'Andriamanitra. Ao ambadiky ny fampianarany momba ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alàlan'i Maria dia ahatsapàna izany toetra maha-zaza ara-panahy izany eo anatrehan'i Jesoa, ao amin'ny Fanahy Masina, miaraka amin'ny fanampian'i Maria Virjiny. Kanefa, ny fahakelezana na ny fahazazana dia midika fahatanorana ; io no fahatanorana ara-panahy mbola vao, sahala hitovy amin'ny tsy fananan-tsiny tany am-piandohan'ny olombelona.

Ao amin'ny boky-fifampiresahana niaraka tamin'i Thomas Leoncini, « Dieu est jeune », dia milaza izay rehetra tokony hatao alohan'ny hitenenana ny Papa François (p.61). Manao izany hoe miaina! Izany dia mba hahafahantsika miresaka traikefa, amin'ny fomba maha-resy lahatra sy hentitra. Vavolombelona i Montfort alohan'ny maha-mpitoriteny azy. Niaina fiainana kristianina nampanentana tokoa izy ary izany no mety hahatonga azy ho fitaratra amin'ny fahendrena nanomboka izy vao kely. Fa fitaratra ihany koa izy hoan'ny olona tsirairay mandeha mivahiny, mivenjivenjy amin'ny làlan'ny Fahendrena, ary tsy voafetra ara-taona. Tanora i Montfort, sady amin'ny taona no amin'ny fanahy.

Ary ianao, moa ve ianao mba miaina fahatanorana feno hafaliana sy hafanampo hoan'ny hoavy ? Moa ve ianao mba manana fifandraisana amin'ny tontolon'ny tanora ? Moa ve ianao mba miresaka amin'izy ireo ny momba an'i Montfort sy ny fampianarany ?

Arnold SUHARDI, SMM

Intentions de Prières

Semaines 50 & 51

1-Ankiniko aminao Louis Marie sy Aminao Reny Masina , ny fiovam-poko sy ny zanako ary ny fianakaviako manontolo . Misaotra Ray o !

2-Mbola tanora aho ary miezaka mivavaka matetika , Jesoa . Manandratra vavaka ombam- pisaorana mba hananako fahatokisana amin'ny ho avy . Misaotra

3-Louis Marie o, avia ampio aho , manirery aho , toa lava loatra ny fotoana maha irery ahy ! Misaotra

4-Louis- Marie, ankiniko aminao ny zanako mba ho afaka amin'ny fisotroan -toaka . Sokafy ho azy ireo ny lalana makany amin'ny asa. Misaotra

5-Louis -Marie sy Masera Marie Louise o , ankiniko feno eo aminareo ny fianakaviako manontolo . Ampio izy ireo hahitany lalana makany amin'nyfiadanana.

6-Misaotra Louis-Marie noho ny fahasoavana rehetra noraisina taminao . Mivavaka aminy isan'andro aho . MisaotraTompo !

31 Janoary 2019

Tsingerin-taona nahaterahan'i Louis-Marie

Zanaky ny andrian-dahy atao hoe Jean Baptiste Grignion Bacheleraye , mpisolo vava tao Montfort la Cane, doisezin'ny Malo any Bretagne , ary Jeanne Robert i Louis Marie.



Teraka tamin'ny 31 Janoary taona 1673 ary natao batemy tao amin'ny Eglizy Md Jean ao Montfort . Nomena ny anarana amin'ny batemy hoe: Louis ary nampiana ny anarana hoe: Marie rehefa nandray ny sakramentan'ny Fankaherezana noho izy nanana fanajana manokana 'Lay Renin'Andriamanitra .

Mbola kely izy dia hita taratra sahady ny ho toetrany any aoriana , teo amin'ny faha efatra ka hatramin'ny fahadimy taonany , dia efa niresaka momba an'Andriamanitra izy , sy nanantona ny reniny rehefa iny hitany ory iny ary mankahery azy sy mamporisika azy mba hiaritra ny fijaliany .

Lahimatoa i Louis-Marie, nanana rahalahy 2 ary anabavy 6 . Mbola kely izy dia efa nanana fifandraisana manokana tamin'ny anabaviny iray atao hoe Louise noho iretsy mpiray tampo aminy, satria hitany ho malemy paika mora manaraka fihetsem-po sy ireo fomba fitiavam-bavaka tiany angalan'i Louise tahaka na dia samy mbola zaza aza izy, nataony ny fomba rehetra mba nanalana azy amin'ireo fialamboly tsotran'ny fahatanorana. Ampatsiahiviny mangingina , miaraka amin'ireo namany kely , mba hitondra azy hivavaka amin' Andriamanitra . Ary , raha mampiseho kirokiro izy, omeny fanomezana kely ary ilazany hoe « ry anabaviko , tsara tarehy ianao ary tian'ny olona rehetra ianao raha tia an'Andriamanitra »



Avy hatrany , dia manaraka azy i Louise, araka ny ohatra omen'ny anadahiny , mitarika ireo namany kely hanao sapile miaraka aminy . Ary mba hanaovany sapile isan'andro dia omeny azy ireo izay zavatra tsara sy lafatra ananany. Ny tena fahafinaretana afaka omen'ireto farany

azy , dia ny miresaka momba an'Andriamanitra , na mampiseho fa liana amin'ny resany izy ire. Farany , rehefa nihalehibe ny anabaviny nanomboka naneho hatsaram-panahy maro araka ny fangatahan'ny anadahiny, hany ka tsy hitany intsony ny fomba hanehoany ny hafaliany.

Dia toy izany i Grignion kely , tahaka an'i Tobia, mbola kely dia efa nitandrina sahady ny lalan'Andriamanitra, Legem Dei puerulusobservabat. Tobia 1,8. Ary nanalavitra ny fiarahana tamin'ireo namana mitovy taona taminy na olon'izao tontolo izao mba hialany amin'ireo fialam-boly, nitokana eny amin'ny zoron-trano izy mba hivavaka sy hanao sapile manoloana ny sarin'i Masina Maria. Fomba fanaony sy notohizany na dia efa lehibe azy izy.

(Source : Joseph GRANDET, *La vie de messire Louis-Marie Grignion de Montfort*, Saint Laurent-sur-Sèvre, 1994, p. 13-14).

« Il donna, dès son bas âge,
des marques de ce qu'il devait être un jour »

Maison Natale de Louis-Marie Grignion de Montfort
À Montfort-sur-Meu,
dans le département d'Ille-et-Vilaine, en région Bretagne, France



Le 31 janvier 2019

Louis-Marie, bon anniversaire